Ny Valosoa sy Hadihady 3
**Misavoritaka tsy ifankahitana ny ao amin'ny fitondrana**

Zazah Ramandimbiarison 2
**Ikongo daholo isika rehetra**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)


**Facebook** 3
Aharihazin'i Zanahary daholo ireo zava-dratsy sy miafina eto amin'ny firenena


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 8 oktobra 2022 Laharana 1354 Vidiny : 600 Ar


Faha-20 taonan'ny antoko TIM 2

## Handrasana any Toamasina anio ny filoha Ravalomanana



Ny Valosoa sy Fakafaka 2

## Misy sokajin'olona ataon'ny fitondrana antsirambina ny momba azy




Nosy-Be faritra Diana 2

## Olom-boafidy manao tsindry sy ramatahora amin'ny vahoaka



Tranga 7

## Nirehitra koa ny ala tany Isalo



**Angovo** 7
Tratra tany Foulpointe koa ny mpandraharaha mpanapoka solika

**Resaka fisolokiana** 6
Voasambotra ry Kalanoro sy ry Dadabe

**Daka kely**



MIAra-MIlentika kay lay MIAMI lazain'ialahy ry Boaikely a !

FAHA-20 TAONAN'NY ANTOKO TIM

# Handrasana any Toamasina anio ny filoha Ravalomanana

Ny tanànan'i Toamasina indray, no handray ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), amin'izao faran'ny herinandro izao. Araka ny vaovao voaray, handrasana any amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana anio, ny filoha mpanorina, sady filoha nasiônalin'ny antoko, Marc Ravalomanana. Ny fanamarihana dia hatao amin'ny Magro Tanambao V anio sabotsy 08 oktobra, hanomboka amin'ny 09 ora maraina.

Hisy ihany koa mandritra izany ny fampirantiana antsary ny tantara sy ny zava-bitan'ny antoko, indrindra ny mahakasika ny filoha mpanorina, ny filoha Marc Ravalomanana. Ny mpikarakara dia miantso ny mponin'i Toamasina ho tonga maro : ny tonga miaraka no fanombohana, ny miasa miaraka no fahombiazana, sahia, mijoroa, minoa, hoy izy ireo. Mpikarakara izao hetsika izao ny TIM Faritany Toamasina, ny Reg-TIM Atsinanana ary ny DISTIM Toamasina I. Araka ny fantatra, nahazo alalana koa izao hetsika izao. Misy hetsika hafa an'ny mpomba ny fitondrana koa any amin'ny



kianja mitafo Soavita, ka izay no heverina fa nanomezan'ny tompon'andraikitra any an-toerana alalana ny antoko TIM koa. Afa-baraka satria hita mibaribary fa mitanila izy ireo raha tsy nanome alalana ny antoko TIM teo.

***Isambilo***

Raharaham-pirenena

# Ikongo daholo isika rehetra hoy Zazah Ramandimbiarison

*Maneho ny heviny momba ny raharaha tany Ikongo ny Praiministra lefitra teo aloha, Zazah Ramandimbiarison:*

"Ny 29 aogositra 2022, Malagasy am-polony mahantra madinika avy any Ikongo no lavon'ny balan' ny zandarimariam-pirenena. Lasa kamboty ny Malagasy. Aiza ny fanadihadiana momba ny vono olona tao Ikongo? Iray volana mahery izay no lasa, mbola tsy nisy tohiny ny fanadihadiana. Fanamelohana am-bava fotsiny no hita sy heo. Tsy misy zavatra mivaingana ho an'ny mponina ao Ikongo! Tsy misy zavatra mivaingana ho an'ny Malagasy tia fahamarinanana.

Aiza ny fiarovana ny zon'ny Malagasy mponina ao Ikongo?





**Ny Praiministra lefitra teo aloha, Zazah Ramandimbiarison.**

Miha-mahantra andro aman'alina ny Malagasy. Mitaintaina andro aman' alina nohon'ny tsy fandriampalemana. Aiza ny fiarovana ny zon'ny Malagasy rehetra?

Fampanantenana poakaty, fanaovana rononoan-tavy ary ny fanaovana kobaka am-bava hatrany, no fomba miverimberina itantanana ny firenena sy itaizana ny vahoaka malagasy. Mandainga sy Mamita-bahoaka foana indrindra, fa ao anatin' ny fotoana fanomanana ny fifidianana.

Aoky izay ny kabary ambony vavahady entina hanafenana ny kolikoly avo lenta amin' ny fanodinkodinam-bolam-panjakana aman-tapitrisa ariary maro, ary mbola mitohy foana ankehitriny.

Aoky izay ny kabary ambony vavahady entina hanafenana ny fanondrana antsokotsoko ny harempirenena. Ireo voaibe mpanodinkodina miaraka amin' ny fitondrana ankehitriny tsy voasazy, tsy maty manota, tsy matahotra tody.

« Aza manome fo ny adala ». Na ireo mpitondra tamin'ny fanjanahantany aza tsy nampiesona ny Malagasy. Tsy rariny intsony. Aoka izay. Ikongo daholo isika rehetra," hoy izy.

***Nangonin'Isambilo***

Nosy-Be faritra Diana

# Olom-boafidy manao tsindry sy ramatahora amin'ny vahoaka

Velon-taraina ny vahoaka any amin'ny Fokontany Andranobe boriborintany Ambatozavavy distrikan'i Nosy Be faritra Diana, amin'ny tsindry sy ramatahora izay ataon'ny olom-boafidy amperinasa amin'izao fotoana izao, izay manana tany ao amin'ny Fokontany Andranobe ihany koa, ka nosakanany ny lalana fandalovana. Tamin'ny taona 1933 no efa nanaovana lalana, natsaraina tamin'ny taona 1973, ka mpandraharaha maromaro izay manana tany manodidina ao amin'ny Fokontany Andranobe boriborintany Ambatozavavy Nosy Be, no nandinika sy nikaon-doha niaraka tamin'ny vahoaka ary mpitondra tany Nosy Be tamin'izany andro izany, ka tapaka fa atao lalana. Alohan'ilay olom-boafidy nividy an'io tany io dia efa



**Tany isiana olana amin'ny olom-boafidy any Ambatozavavy Nosy-Be.**

lalana ny teo ary ireo olona tompon'ny tany nividianany dia nanolotra izany ho an'ny vahoaka sy namaky ary namome fa atao lalana mandalo anatin'ity tany ity, mba hialana amin'ny fijalian'ny vahoaka mivezivezy sy mitondra vokatra, indrindra amin'ny fotoam-pahavaratra ka tsy ifidianana sarangan'olona. Nanomboka tamin'ny volana aprily 2022 dia nafody sy nasian'ilay olom-boafidy sakana io lalana io tsy azo andalovana. Manoloana izany dia nidina ifotony ireo mpikamba eo anivon'ny SIRFA (Sampana ifandraisan'ireo Ray Aman-dReny Faritany Antsiranana), izay efa miparitaka ary mitsangana isaky ny distrika ao anatin'ny Faritanin'Antsiranana, efa ara-dalàna sy ara-panjakana, ka mangataka amin'ny olom-boafidy ity, sy ireo mpitondra ary manampahefana, mba hanesorana io sakana io, fa sahirana ny mponina, satria eo no andalovan'ireo vahoaka isan'andro, indrindra ny mpianatra, sy fotoana handehanana mandevina, satria eto koa no lalana mandeha amin'ny fasan-drazana raha misy ny fandevenana. Alohan' ny ahatongavana amin'ny tanin'ity olom-boafidy ao amin'ny Fokontany Andranobe, tombanana eo amin'ny 3 km latsaka kely dia mandalo sy mamakivaky ambon'ny tanin'olona ary tanim-bary, tsy misy olana, nefa ilay lalana tsy tiany andalovana io dia tombanana eo amin'ny 400 m latsaka kely mandalo anatin'ny taniny. Tsy ireo vahoaka ihany no mijaly amin'ity lalana ity sy azon'ny ramatahora sy tsindry avy amin'ity olom-boafidy ity, fa sahirana koa ireo mpandraharaha sasany izay mampiasa olona maro, ka mipetraka manodidina eo, nefa mba mandray anjara sy anisan'ny miasa ary mampiasa olona manambohatra ity lalana ity koa, na dia lalan-tany aza fa mila asiam-panatsarana isantaona. Saika hiasa io lalana io izy ireo tamin'ity taona ity, fa noho ny sakana misy io dia nijanona ny asa nefa efa vita ny fifanarahana tamin'ny mpandraharaha iray izay mpanamboatra lalana ao Dzamandzar. Hikasa hilanja sora-baventy hanidy io lalana 3 km latsaka kely izay andalovan'io olomboafidy io ny vahoaka, fa indrindra mandalo eo ambonin'ny tanim-bary hiditra amin'ny taniny dia rahonany angalana mpitandro filaminana sy ho gadraina, ka matahotra ireo vahoaka sasany, hiandry ny fahatongavan'ny Filoham-pirenena Malagasy ho avy any Nosy-Be amin'ny volana Novambre ho avy io, ka hitondran'ireo vahoaka sora-baventy ho hitan'ny Filoham-pirenena Malagasy ny alahelo sy taraina ary ny mamparary azy ireo. Ankoatra ny tsindry sy ramatahora izay ataon' ity olom-boafidy amperinasa ity amin'izao fotoana any Nosy-Be amin'ireo vahoaka ao amin'ny Fokontany Andranobe boriborintany Ambatozavavy dia hitory ireo mpikambana eo anivon'ny SIRFA (Sampana ifandraisan' ireo Ray Aman-dReny Faritany Antsiranana) sy mpanao gazety izay nakasary koa ity olom-boafidy ity. Andrasana sy ho hita eo ny ho tohin'ny raharaha.

***Nangonin'i Stefa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Misy sokajin'olona ataon'ny fitondrana antsirambina ny momba azy

Tsy afaka fitakiana ataon'ny olom-pirenena hatrany eto amin'ny firenena isan-kerinandro. Ny karazany sy ny vondron'olona manao ny fitakiana fotsiny no samihafa. Matetika izany dia lafiny karama na fivelomana, izay tena iankinan'ny ain'izy ireo sy ny ankohonany tokoa. Misy tena amam-bolana maro tsy naharay izany. Midika izany fa misy vondron'olona eto atao an-tsirambina ny momba azy. Maneho ihany koa izany fa tsy vitany ary tsy voafehin'izao fitondrana Rajoelina izao velively ny fanaraha-maso akaiky ny fivelomam-bahoaka sy ny fiahiana azy. Mbola manaporofo izany ny zava-mitranga any Ikongo, nambaran'ny solombavambahoakany avy any andro vitsy lasa izao. Tamin'izany no nilazàny ny amin'ny fisian'ny kere any amin'ny faritra misy azy, vokatry ny nandalovan'ny rivodoza roa tany ary voalaza, misy mihitsy aza olona namoy ny ainy amin'ny hanoanana. Ny mahavariana ao anatin'ny filazan'ilay solombavambahoaka, dia izy tenany mihitsy no mandeha manatona ireo tomponandraikitra misahana ny fiahiana ny mponina amin'ny loza voajanahary mitranga sy ny vokany, toy ny Bngrc izany. Midika koa ve izany fa tsy misy ny fanaraha-maso ireo faritra sy indrindra ny mponina amin'ny tarazo navelan'ireny rivodoza ireny, ka rehefa mifarana ny vanim-potoanan'ny rivodoza dia misy ny tavela eo? Moa efa mahazatra ny mpitondra ny fisian'izany manjo ny mpiray tanindrazana izany, ka tsy miraika intsony raha tsy misy ny fitarainana sy antso amin'ny zava-misy toy izany ary aminy?

Hadisoana lehibe eo amin'ny fitantanam-pirenena izany kanefa toy ny mandeha ho azy. Ny manahirana ny saina, dia mitady ho lasa any amin'ny lasintsaina izany, toy ny fahitana mpangataka etsy sy eroa ka tsy mahataitra intsony izay mampiharihary ny fahantrana mangeja eto amin'ny firenena; ny fisian'ny vono olona feno habibiana izay efa manjary vaovao saika isan'andro; ny asan-jiolahy sy fanendahana amin'ny fotoana sy toerana samihafa zary efa fiainana andavanandro, sns... Izany rehetra izany, mariky ny tsy fahombiazan'izao fitondrana misy izao. Ny tsikaritra hatrany anefa, dia tsy mitsahatra izy mampiresaka vahoaka sy miseho hatrany, ho babany raha samy mpitondra nifandimby teto. Marina mety misy asa vita, fa ho an'ny mpampianatra izany, raha naotina mpianatra nanao fanadinana, dia toy ny nahazo isa 03/20 teo aloha, dia niakatra ho 3,5 na 04/20, izany hoe mpianatra tsy mahomby. Mazava ny ohatra.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Misavoritaka tsy ifankahitana intsony ny ao amin'ny fitondrana ao

Tsy misy mpamaritoetra amin'ny fiteny malagasy azo amaritana ny fitondrana mitantana ity Firenena ity amin'izao fotoana izao mihitsy, satria samy manampatra fahefana sy manao izay tiany na ny fahefana mpanantanteraka na ny fahefana mpanao lalàna ary ny fahefana mpitsara dia mandray baiko fotsiny, ka tsy manana ny fahaleovantenany intsony. Tato anatin'ny volana vitsivitsy tokoa dia hita fa mijabaka amin'ny toe-draharaha mafanafana samihafa miseho eo amin'ny sehatra rehetra ny depiote. Marihina voalohany amin'ireny ny tranga tsy fahita maneran-tany dia ny fandraisana baiko avy amin'ny mpanantanteraka momba ny fandaniana tetibolampanjakana. Volana vitsy lasa izay dia voasava, teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato, ny valizin'ny depiote iray  satria nahiana nitondra volamena nivoaka an'i Madagasikara. Tsy mazava tsara ny fiarovan-tenan'ity depiote ity, satria nakorontany ny valiziny ary iaraha-mahalala fa tsy mbola misy tohiny, toy izay nahatafiditra olona ao amin'ny fitondrana, iny tantara iny hatramin'izao. Mitohy ihany ny tantara ka nisy depiote nandray anjara tamin'ny ady tany teny Androhibe izay nifanandrinan'ny Fiangonana Loterana sy ny mponina eny an-toerana. Nivalona tsy nisy tohiny ihany koa ity raharaha ity satria, angamba, noho ny fisian'ny kristiana ao amin'ity Fiangonana ity manampahefana ambony ao amin'ny andrimpanjakana iray. Tsy vitan'izay fa tsy azo odian-tsy ny ady saritaka tao amin'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy, etsy Ankorondrano, izay nitsabahan'ny depiote iray ihany koa. Resaka fifidianana no niandohan'ny fifandonana ary ny nahagaga dia niditra tamin'ny raharaha ny sampan-draharaham-panjakana izay raha ny marina dia manakatona ny fiangonana ihany fa tsy miandany na amin'iza na amin'iza. Tato anatin'ny herinandro vitsy dia miakatra an-tsehatra eny amin'ny haino aman-jery ny fifandonana eo amin'ny depiote any amin'ny distrika roa any Atsimo any momba ny famonoana malagasy mianaka nataon'ny miaramila. Nampangaina ity lehilahy ity, fa nisy omby sy ondry aman'osy halatra tao aminy, kanefa raha ny marina dia  zandary no tokony nisambotra ity olona ity, satria famotorana aloha no natao, nandalo fampanoavana izay namoaka didy fisamboarana sy fampidirana amponja vonjy maika sy fangejana ny omby sy ny ondry aman'osy. Heverina araka izany fa matoa novonoina izy mianaka ireto, tsy nisy didy famonoana (condamnation à mort) dia misy toe-javatra marina tiana hafenina. Noho ity toe-javatra ity dia miady ny samy depiote, satria ny iray miaro ny olona ao amin'ny distrika nahalany azy, izay novonoina tsy nanaraka ny sori-dàlana voafaritry amin'izany. Ny ankilany kosa dia nanadio tena nilaza fa tsy afaka manome baiko ny miaramila ny depiote. Marina izany kanefa afaka mandresy lahatra ny lehiben'ny vondron-tafika any aminy hanome baiko ny miaramila eo ambany fiadidiany nanao ny hetsika.

Samy mpikambana ao amin'ny antokony ireto depiote ireto kanefa dia porofo ity toe-draharaha ity fa tsy milamina ny ao amin'ny Antenimierampirenena ao. Vao omaly ny omaly no afa-baraka indray, ny depiote mpikambana ao amin'ny antokon'ny fitondrana, voarohirohy amin'ny trafikana hazo sarobidy tany amin'ny Faritra Alaotra Mangoro. Misy depiote nanambara ho tsy mino fa tafiditra amin'izany raharaha maloto izany ity namany. Tsara tsiahivina anefa fa tratra nitondra vola amina miliara maro tao anaty baoritra tamin'izany fotoana izany ary nisy depiote namany koa tamin'izany fotoana izany niaro azy, fa tsy azo sakanana sy tsy azo savaina ny fiaran'ny depiote. Tsy nisy tohiny moa ity raharaha vola tratra tamin'ity depiote nanome fahazoan-dàlana amin'ny fitaterana ny hazo sarobidy ity. Misy miaro indray izy amin'izao fotoana izao, ka asa raha ho very an-javony indray ny raharaha satria mizaka ny "immunité parlémentaire" moa ny depiote sady ambonin'izany dia amin'ny anaran'ny vondron'antoko IRD no nahalany azy. Tsy vitan'izany fa manana fahefana hibaiko ny Minisiteran'ny Tontolo iainana koa izany ny depiote. Misavoritaka tsy ifankahitana intsony ny ao amin'ny fitondrana ao. Manamafy ny fitsingilahilan'izao fitondrana izao ny fitokonana eny amin'ny departementa minisiteraly isan-tokony amin'izao fotoana izao. Iaraha-mahatsapa fa miha-lo andro aman'alina amin'izao fitondrana izao kanefa iraikambinifolo volana sisa tavela amin'ny fe-potoana itondrany, ka inoana fa tsy azo leferina intsony ny hamindrany izany fahalovana izany amin'ny mpiray Tanindrazana iray manontolo.

***Andry Tsiavalona***

**LISI-PIFIDIANANA**

# Na ho tsara mangarahara na ho ratsy manara-penitra



*Ireo tanora mpanisa mpifidy avy amin'ny CENI.*

Herinandro katroka izao no nanombohana ny fanisana ny lisitra vaovaon'ny mpifidy eto amintsika. Tsy niala tao an-dohan'ny maro anefa tao anatin' izay ny hoe: logiciels efa drodroka, efa nanondrana, 17 taona mahery niasana ve dia mbola mangarahara foana rehefa ampiasaina? izay tsy eken'ny maro raha tsy hanaovana fitsirihana manokana "Audit" eo anatrehan'ny Vondrona Eôrôpeana mihitsy ohatra. Fokontany maro no nambara fa efa nanomboka ny anjara asany, toy ny eny Analamahitsy sy ny manodidina iny ohatra, ka mba gaga ihany ny rehetra tsy mahita izany "Tablette" izany akory, toa mampandry adrisa fotsiny ny Ceni raha izany no arahina, akom-baovao efa hita any Toamasina any koa raha ny teny nataon'i Roland Ratsiraka.

Hita sy tsapa, fa raha mbola tsy eo ihany koa ny tompon'andraikitry ny fokontany, toy ny lehiben'ny sektera dia tsy ahavita ny asany ireto olon'ny Ceni ireto nefa dia ambara fa matotra, marina sy aradalàna amin'izay ataony, ka omena 300 Ar isaky ny trano vantaniny. Telo mianadahy manao akanjo mitovy loko izy ireo miaraka amin'ity olon'ny fokontany, ka tsy vitsy ireo nanontany fa raha 900 Ar no omena azy ireo, mba ohatrinona ny anjaran'ilay olon'ny fokontany? Mazava araka izany fa raha 5000 ny isan'ireo mpanisa ka mahazo 300 Ar avy isaky ny trano aleha, dia efa 1.500. 000 Ar sahady ny anjaran'izy ireo nefa raha trano 1000 isa isankerinandro dia mba ohatrinona isam-bolana?

Eto am-pamaranana, ny karinem-pokontany, ny karapanondrom-pirenena, ary ny takila amin'ny takelaka izay fenoina no fanaporofoana izay vita eo, ary azo inoana fa tsy hisy tablette izany akory mbola ho hita manaraka eo, nefa koa raha atao bango tokana, dia mbola ny fanisam-bato hatrany, eny amin'ireo biraom-pifidianana sy eny amin'ny birao Ceni/foibe, no tena tsy azo antoka intsony rehefa tonga ny fotoam-pifidianana, eo no ilàna ny mpanara-maso hentitra avy amin'ny andaniny sy ankilany izay hifaninana eo.

***Beharo***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Aharihazin'i Zanahary daholo ireo zava-dratsy sy miafina eto amin'ny firenena

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref :** Ahariharin'ny Zanahary daholo ny miafina! Mazava izao hoe iza ireo mpandripaka ny hazo (ala), iza ireo réseaux volamena? Iza ireo mpamatsy Dahalo ? Tany masina ity...

**Riantsou Kenzo Riantsou :** Zanahary ô , tahio ny tanindrazanay.

**Y'antra Beauté :** aleo hanao fona e ... Mbola hisy fahoriana lalina mahazo an'reo.

**Besolo Hery Ny Aina :** d lazaina fa efa fomban teo aloh tsita zay maharats azy hono, nefa ny fitondran-dRajoelina amin'izao mihitsy no tena be kolikoly sy zava-dratsy atao.

**Hasindaza Leon Randrianarivo :** sarotra ny hanarina ity firenena ity, tsy maintsy mandoto tanana hanadiovana izao loto izao, désacralisation ary efa summum -n'ireo haratsiana rehetra ?

**Nirilalaina Ravaoarisoa :** tsy hisy takona izay tsy ho hita.

**Andry Junior :** zahay aloha Zao no mitondra,vous n'êtes que des imbéciles, dondrona ianareo tsy mahita fandrosoana... sns. Ef tiko ho hita n'y faran'ity tantara ity.

**Hasina Herizo :** marina.

**Noro Mar Ange :** ka misy mieritseritsa fa hoe ny tody vana ho ela ve ro tsa hanao an-dratsy e! Mivavaka ho an'ny Firenentsika ity e !

**Ndremanjato Alpha :** mivaoka ho azy ny marina an!

**Bizness Car :** misaotra mon frère zany mihintsy.

**Francis Hary Soleman Kone :** niandry ihany aho omaly , fa tena tsy naneho ny heviny ilay "HAy teo foana i Kristy" ; Sa zaho ve no tsy naharaka ?

**Annie Hassan Tanguy :** tany masina ity.

**Lahatra Andriamahatsangy :** fa ngah mitetika ny tsy ho tratra ny aloka tssss.

**Hariniaina Randrianantoandro :** tian-Janahary ny Malagasy fa manaiky habadoana, fa tena tsy misy miafina izay tsy ho hita tokoa.

**Doris Rakoto Samuel :** aleo andeha frère, Zanahary izao mijery midina kah.

**Andry Junior :** Calm Enao zoky fa rehefa lany ireo de hanafatra volamena tsinjo, ala tsinjo, omby tsinjo sy Miami tsinjo isika a.

**Mamy Zafisoanarivony :** mbola tsy nasehony ve ireo mpandoro Tanindrazana (Soalala, Zombitse, Tsiribihina, Isalo, Ambava Tapia sns)?



## TONONKALO

### Ao Tsimbazaza ny dahalo ?

Soa fa `nareo samy `nareo ihany
No mifampitoroka , mifanaratsy,
Fa raha ny olon-tsotra no manao izany,
Dia hiampy indray `reo izay higadra atsy ho atsy !

Tsy olona ivelany fa solombava,
No sahy manamafy fa ao Tsimbazaza,
No misy  ny ngeza izay misaron-tava:
Dahalo efa fetsy sy tena kalaza !

Dia tao ihany koa no hany sahy nitsikera
Ny ataon`ireo foza sy ity ilay vazimba,
Ka tena ny endriky ny antenimiera
No niova ho matroka sy tena simba !

Koa mieritrereta ianareo ry mpitarika.
Ovay ny famindra , meteza ho modely,
F`ilay Tsimbazaza efa be nahamarika
Ho tena fonenan`ireo tontakely !

Raha toa ka dahalo no hisolo vava
Sy hoe hofidiana hitondra ny teny,
Dia aleo holazaina amim-pomba mazava,
Fa efa lany olona ny fireneny !

***DADAN`i RIANA (06-10-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, L.W

Tanora mpanisy mpifidy avy amin'ny CENI.








Mitaraina ny mponina any Ambatozavavy Nosy-Be faritra Diana, fa misy fanamparam-pahefana amina tany ataona olom-boafidy any an-toerana.











Andranobe, ny 15 Septambra 2022

Izahay vahoaka
eto Andranobe sy
Andrafiamena
Boriborintany Administratiavan'
i Ambatozavavy

ho anareo

Ray aman-dreny Manam-pahefana
rehetra eto Nosy-Be


Antony: Fitarainana sy
fanambarana
ampahibemaso.

Ry Ray aman-dreny Manam-pahefana

Manome haja feno voninahitra ho anareo izahay vahoaka voalaza ery ambony raha mametrak'izao taratasinay izao eto amin-pelatànanareo.

Mitaraina mafy eto anatrehanareo izahay vahoakan'i Andranobe sy Andrafiamena amin'olahelo lehibe atrekin-dRamatoa RAZAFINDRAVONY Marie Christine aminay. Satria tsy hainay inona no antony anakatsakanan'io Ramatoa io ny làlana jiaby mampifandray Andranobe amin'ny tanàna maro Andrefana any. Hatramin izay dia efa nampiasa ireo làlana rehetra ireo ny Razam-benay ka hatraminay izao. Sahirana dia sahirana ireo zanakay avy ao Andrafiamena mamonjy fianarana aty Andranobe nohon'ny voatery mihodina lavitra be. Ny làlana vitan-dreo antsa

.../...



.../... -2-

sak'adiny taloha mbola tsy voasakana dia lasa adiny iray mahery rehefa vita sakana (barrage) nataon-dRamatoa io. Ireo làlana voasakana ireo koa dia ombanay rehefa mitondra razana mankany amin'ny fasan-drazanay na ny avy any Dzamandzar, Andrahibo sy Andrafiamena ary izahay ato Andranobe. Sanatria sanatria raha tsy ravanin io Ramatoa io malaky ireo sakana rehetra nataony ireo dia tsy hafaka hiamatra ny zanakay mandritran'ny asara, satria sakanan'ny vavarano mahery ny làlana andalovan-dreo zaza ireo ankehitriny. Mbola tsy teraka akory Ramatoa RAZAFINDRAVONY Marie Christine dia efa nisy ireo làlana rehetra no sakatsakanany ireo. Ndika izany fa tsy an'azy velively ireo làlana ireo, sady tsy nanamboatra no tsy voalohany nandalo aminy. Raha mba mitaraina aminy izahay dia valiny hoe: "ataovy zay ataonareo, izaho député, aza drako ianareo". io no teny fampihorohoroana asedrany anay.

Ambaranay amim-pahibemaso anareo Ray aman-dreny Manampahefana rehetra fa nohon'ny toetra tsy milamina sy tsy mendrika ataon'io Ramatoa io momban'ny fanakatsakanana làlana rehetra tsy an'azy lalovanay io, dia sakananay tsy handalovany ihany koa ny làlana hidiran'ny fiarany makany amin'ny taniny. Satria tsy an-'azy io làlana io sy ilay tanin-bary lalovany. Marihina fa tsy esorinay ny sakana (barr

.../...

## NY TENY FIAINANA

*Koa lazao amin'i Davida mpanompoko hoe: izao no lazain'i Jehovah, Tompon'ny maro: Izaho no naka anao avy tany an-tsaha, dia avy tamin'ny niandrasanao ondry, mba ho mpanapaka ny Isiraely oloko.*
***II Samoela 7:8***

### "FIBA AFRICA REGIONAL YOUTH CAMP MADAGASCAR"

# Teknisian'ny FIBA sy NBA no hitantana azy




*Ireo teknisiana FIBA sy NBA 4 mirahalahy.*

Teknisian'ny FIBA sy NBA 4 mirahalahy : ny Dr Cheik, Naoufal Uariachi, Joe Tounomou ary i Will Voigt, no hitantana ny "Camp de Basket-ball pour les jeunes" na ny 'Fiba Africa Regional Youth Camp", ho tontosaina eto Madagasikara ao amin'ny amin'ny Palais des Sports Mahamasina, amin'ny 11 ka hatramin'ny 13 ôktôbra 2022 ho avy izao. Mpilalao lahy sy vavy miisa 45 ary mpanazatra miisa 15 avy amin'ny firenena 19 mpikambana ao amin'ny FIBA Afrique des jeunes, no hiatrika an'izany fiofanana izany. Ao amin'ny Radisson Blue Hotel, Antananarivo izay hotely ofisialin'ity hetsika ity, no hampiantrano an'ireo mpandray anjara rehetra miaraka amin'ireo "experts en basketball" ireo. Hiara-hiasa amin'ny Ymagoo , orinasan-tserasera, matihanina eo amin'ny sehatry ny fakana sary ny mpikarakara ity hetsika iraisampirenena "Fiba Africa Regional Youth Camp", hatao eto Antananarivo ity.

**Rainilita**

### Classement FIFA – 6 oktobra 2022

# Nahazo laharana miabo 3 i Madagasikara



*Barea U 23 anisan'ny nampiakatra ny toeran'i Madagasikara.*

Nahazo laharana miabo 3 i Madagasikara eo amin' ny "Classement" izay navoakan'ny Fifa eo amin' ny baolina kitra, tamin'ny alakamisy 6 oktobra 2022, fa raha laharana faha- 105 izy teo aloha dia niakatra eo amin'ny laharana faha-102 ankehitriny. Ny vokatra tsara azon'ireo Barea isan-tsokajiny tato ho ato no nahatonga an'io fiakaran'ny toeran'i Madagasikara io. Marihana fa mbola mitana ny laharana voalohany maneran-tany i Brésil manana isa 1841.3, faha-2 i Belgique manana isa 1816.71 ary faha-3 i Argentine manana isa 1773.88. Amin'ny filaharana aty Afrika kosa dia mbola mitarika an'isa lavitra i Sénégal (1. Sénégal (18e au niveau mondial) manana isa 1584.38, faha-2 i Maroc (22e) manana isa 1563.5 ary faha-3 i Tunisie (30e) manana isa 1507.54.

**Rainilita**

### Asief « Vainqueur des Coupes 2022 »

# Hanomboka izany anio sabotsy ny volley-ball



*Ekipa Volley-ball Asief.*

Hanomboka ny lalao Asief « Vainqueur des Coupes 2022 » etsy amin'ny kianja LMA Ampefiloha anio sabotsy 08 oktobra 2022, ny taranja volley- ball, ka hanomboka amin'ny 08 ora maraina ny lalao voalohany. Ireo fandaharan-dalao anio : PRM # MEDD, SANTE # SENAT, TOP DOM # PRIMATURE.

**Rainilita**

### Can Beach Soccer Mozambique 2022

# Niditra amin'ny fampivondronana omaly zoma



*Barea Beach Soccer teny Isoraka.*

Niditra amin'ny fampivondronana any Mahajanga omaly zoma 7 oktobra 2022, ireo mpilalaon'ny Barea Beach Soccer miisa 20, alohan'ny hihazoana an'i Mozambique. Ao anatin'izany no ahafantarana an'ireo mpilalao 12 ho voatazona handrafitra ny ekipam-pirenena. Nanome teny fankaherezana sy anatra hiatrehana ny fampivondronana ho an'ireo mpilalao teny amin'ny foiben'ny FMF teny Isoraka tamin'ny alakamisy 16 oktobra 2022 Andriamatoa Alexandre Lay Mein, filohan'ny Commission Beach Soccer sady mpikambana eo amin'ny Kômity mpanatanteraky ny FMF.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Beignets-na baranjely indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba fanalana taolan-trondro ao an-tenda

Fomba fanalana taolan-trondro ao an-tenda indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireto avy no azo atao amin'izany:
- Mihinana menaka oliva 2 sotro.
- Mihinana jus de citron asiana sira kely.
- Misotro rano asiana vinaigre de cidre.
- Mihinana akondro.
- Mihinana mofo ampiarahana amin'ny rano.
- Misotro coca.
- Misotro rano be.
- Mandeha dokotera raha sanatria tsy afaka amin'ireo.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Anosibe An'ala any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Anosibe An'ala any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina sy ny distrikan'Anosibe An'Ala ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 9 mandrafitra ny distrikan'Anosibe An'Ala. Ratsy dia ratsy ny lalana mampitohy an'i Moramanga amin'ity tanànan'Anosibe An'Ala ity. Vokatra any ny vary, ny voankazo isan-karazany toy ny akondro, ny manga, ny letchi. Vokatra any koa ny kafe.



RESAKA FISOLOKIANA

# Voasambotra ry Kalanoro sy ry Dadabe



*Ireo mpisoloky tratra.*

Resaka fisolokiana, voasambotra ry Kalanoro sy ry Dadabe. Saron'ny Zandary avy ao amin'ny Poste Avancé Ambatofotsy Antananarivo Atsimondrano, ny olona miisa 07 avy any Antambiazana/Antsirabe II, mpanao fisolokiana amin'ny antso an-telefonina. Mitsatoka laharana finday antsoina ny mpisoloky ary milaza fa manana volamena iray vilany tany nomen-javatra, fa tsy notrandrahana ny dadabeany ka mila anaovana fomba sy sorona vao afaka kitihina, ka akoho lahy mena sy omby mainty tokam-bolo no ilaina amin'izany, raha hiara-hiasa ianao. Hain' izy ireo ny mandresy lahatra, ka misy ny roboka. Ampiresahan'izy ireo amin'ilay antsoiny hoe Dadabe ianao rehefa vita ny dingana voalohany ary eo i Dadabe, no milaza fa ianao no voatondro hahazo ny fahasoavana ary mila miresaka amin'ilay Kalanoro. Eo no mandray ny anjara asany ny olona manao feo kentsona lazaina fa Kalanoro, ka mitaky ny sorona atao manaraka dia ny hividianana omby roa maika. Dingana farany, mila mitondra vola vaventy zokiny indrindra miloko manga, 20.000 Ariary miisa 400 isa hoy izy ireo hamonosana ilay vilany tany misy volamena, ka aterina eny Ambatofotsy ny vola. Marihina fa ny sorona rehetra atao dia ny mpisoloky ihany no mividy izany ka vola no alefa aminy. Tamin'ity tranga ity dia vola 8.000.000 Ariary no efa lasan'izy ireo. Saingy teo amin'ny fotoana nanaterana ny vola 20.000 Ariary miisa 400 isa teo Ambatofotsy kosa, no tratra ny mpisoloky rehefa tonga saina ny niharan'ny fisolokiana fa tsy misy marina ny zavatra rehetra noresahina taminy, ka nanatona ny Zandary izy.

Niaiky ireo voasambotra fa fisolokiana fotsiny no natao, fa tsy misy ny volamena iray vilany tany ary efa asa fivelomany mihitsy ny fisolokiana. Mampiasa ody gasy izahay hoy izy ireo, fa nahagaga anay tsy nandaitra tamin'ireo Zandary teo Ambatofotsy izany.

**Niaina**

Rahavavin'i Khelene

# Mivoy mozika mihetsika ny mpanakanto Naw-lie

Mirona amin'ny fivoizana ny gadon-kira mihetsika nentim-paharazana Malagasy toy ny salegy, malesa novesarana zavamaneno mavesatra mba hanaraka vanimpotoana i Naw-lie. Milalao sy miangaly ny hira mihetsika avy any ivelany toy ny "afro beat" ihany koa izy. Mpanakanto andriambavilanitra miavaka amin'ny fananana feomanga sy matanjaka. Mahafehy ny bankira milamina ihany koa anefa ny tovovavy.

Mampiavaka an'i Naw-lie ny fananany tononkira mirakitra hafatra sahaza ny isam-batan'olona ary novokarina sy notakarina avy amin'ireo trangam-piainana nisy. Nomarihan'i Yarmid, avy ao amin'ny "Lafovidy prod" izay "Manager"- n'ity mpanakanto ity rahateo fa antompisian'ny mpanakanto, ankoatry ny fizarana fahafinaretana ny fisakelehana ny fanabeazana amin'ny alalan'ny mozika sy ny hira ary dihy. Nohamafisin'i Naw-lie, fa manome hasina hatrany ny vakodrazana malagasy isam-paritra izy ary miezaka ny hametraka amin'ny toerana mendrika sy sahaza azy. Ampahany amin'ireo sangan'asany efa be mpankafy ny "Zah matoky anao", "Ankilanao", "Tsy pare". Manohy hatrany ny fitetezam-paritra sy ny fanajariana rindran-tsary ankehitriny izy 14 mianadahy mandrafitra ny tarika. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa mpiray tampo i Naw-lie sy i Khelene. Izy mirahavavy izay samy manana ny hanitra ho azy, eo amin'ny fiangaliana ny mozika sy ny hira ary ny dihy.

**Lalasoa Razafindrakoto**



*Naw-lie, miavaka amin'ilay feomanga sy matanjaka.*

Tompondakan'i Madagasikara tsipy kanetibe

# Hiditra an-tsehatra anio sabotsy ireo sokajy telo



*Mpilalao tsipy kanetibe teny amin'ny Pac Ampitatafika.*

Nanomboka omaly zoma 07 oktobra 2022 teny amin'ny "boulodrôme Pac Ampitatafika", ny lalao tsipy kanetibe fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022, ka ny sokajy "Séniors hommes" no nisantra an'izany, taorian'ny fanokafana ôfisialy. Anio sabotsy 08 ôktôbra 2022 kosa no miditra an-tsehatra ny sokajy vehivavy sy sokajy "Juniors" ary ny sokajy "Vétérans". Marihhina fa tsy hifarana ity fifaninanana ity raha tsy rahampitso alahady 09 ôktôbra 2022. Izay tafavoaka ho tompondaka eo amin'ny sokajy "Séniors hommes" dia hotolorana amboara kalisy 1 ho an'ny klioba, miaraka amin'ny amboara kalisy 3 hafa sy medaly miisa 3 ihany koa hoan' ireo mpilalao. Hisy koa ny lelavola 3.000.000 Ar sy moto scooters miisa 3 mbola ho azon'izy ireo. Ny mitana ny laharana faha-2 kosa dia ho tolorana medaly miisa 3 sy lelavola 2.000.000 Ar sy Goodies. Ary ny mitana ny laharana faha-3 sy faha-4 dia ho tolorana lelavola 750.000 Ar sy Goodies. Izay ekipa tafavoaka ho tompondakan'i Madagasikara eo amin'ny sokajy vehivavy sy "juniors" ary "veterans" kosa dia ho tolorana amboara 1 avy miampy amboara 3 sy medaly 3 avy isanisany ho an'ireo mpilalao. Eo koa ny lelavola 1.000.000 Ar sy "Bon d'achat 150.000 Ar avy ary koa Goodies. Ireo mitana ny laharana faha-2 dia ho tolorana medaly 3 tsirairay avy isaky ny ekipa miampy lelavola 500.000 Ar ary Goodies ihany koa. Ireo mitana ny laharana faha-3 sy faha-4 koa ao amin' ireo sokajy 3 ireo dia ho tolorana lelavola 200.000 Ar sy Goodies avy. Marihana fa miara-miombon'antoka amin'ny FSBM mpikarakara ireo mpiara-miombon'antoka mahazatra: Telma sy Thb, miaraka amin'ny Tranombarotra Petit sy ny Trans Besady ary ny Cotisse Transport.

**Rainilita**

Ligue des Champions – D-2 Nationale

# Hitohy amin'ny zoma 14 oktobra izao

Any amin'ny kianja Barikadimy Toamasina, sy any amin'ny kianja maoderina Ampasambazaha Fianarantsoa hanomboka amin'ny zoma 14 ka hatramin'ny alahady 23 oktobra 2022 ho avy izao, ny dingana faha-2 amin'ny fifaninanana baolina kitra « ligue des Champions – D-2 Nationale ». Fantaro fa : any Toamasina -Vondrona A -Tsaramandroso Formation (Boeny), -Fc Ridwane (Analanjirofo), -As St Pierre (Alaotra Mangoro), -Disciples Fc (Analamanga), -Fc Zoara (Vakinankaratra), -Asa (Diana). Any Fianarantsoa -Vondrona B -Relais Sport (Matsiatra Ambony), -Cf Tfc (Analamanga II), -Fc Zanagasy (V7V), -Fc Menarandra (Androy), -Fc Real (Menabe), -As Comato (Atsimo Andrefana).

**Rainilita**



*Ny kianja maoderina Ampasambazaha Fianarantsoa.*

Tenisy " ITF Régional Coaches Conférence"

# Hotontosaina amin'ny 20 sy 21 oktobra ho avy izao




*" ITF Régional Coaches Conférence".*

Hisokatra ho an'ny mpanazatra sy ireo matihanina eo amin'ny sehatry ny tenisy ary ho an'ny ireo olona liana amin'ny tenisy, na ny spaoro amin' ny ankapobeny, amin'ny 20 sy 21 oktobra 2022 ho avy izao, ny hetsika " ITF Régional Coaches Conférence", na ny "Conférence virtuelle francophone», izay hitondrana lohahevitra maromaro. Manampahaizana avy amin'ny ITF sy Frantsay, Soisa, Canadiana, Egypsiana, Toniziana, Maraokana ary Malagasy (Razafimahatratra Dina), no hitarika ny kaoferansa. Ao amin'ny www.ITF-Academy.com no fisoratana anarana amin'ny fandraisana anjara amin'ny hetsika.

**Rainilita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 08/10/2022 hatramin'ny 15/10/2022**

- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/034 30 245 45
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1354-10-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ANGÔVO**

# Tratra tany Foulpointe koa ny mpandraharaha mpanapoka solika

Tratra tany Mahavelona Foulpointe Toamasina II faritra Atsinanana koa, ny mpandraharaha mpanapoka solika tsy ara-dalàna. Mitohy hatrany ny famotorana lalina ahafahana mahasarona ireo fanetribe sy tompon'antoka tamin'ny raharaha fanapohana solika, izay manimba fitaovana maro manenika ny firenena.
Lehilahy mpandraharaha iray sokajiana ho tompon'antoka tamin'ity raharaha ity indray, no saron'ireo Zandary avy ao amin'ny "Section de recherches criminelles" Zandarimaria Toamasina tany Foulpointe ny 02 oktobra, ka naiditra amponja vonjimaika ny 05 oktobra 2022.
Fantatra nandritry ny famotorana, fa rehefa navaivay ny savahao ny toerana mety ahitana ireo entana hosoka sy ny olona nahavanon-doza tao Toamasina dia nafindrany tany Foulpointe ireo solika maro.
Mbola nahitana solika sy fitaovana maro hafa vokatry ny tsy fanarahan-dalàna ihany koa tao aminy toy ny:
- 08 Bonbonnes sy 01 barika feno Essence, 04 Bonbonnes feno pétrole, 60 Bonbonnes feno gasoil, 45 bonbonnes vides, Acide sulfurique;
- Basy iray (01) marque SAUER miaraka amin'ny bala enina (06);
- 26 Moto jog, 03 moto BWS, 02 moto VINO, 02 mini-cross, 01 Quad.
- 11 barika nisy Huile moteur.
Araka ny fanadihadihana dia hita fa mifandray tanteraka amin'ireo olona tompon'antoka amin'ny fanapohana solika, izay efa voatazona ny tenany. Naiditra amponja vonjimaika ao Toamasina aloha izy mialoha ny fotoampitsarana, mba tsy hahafahany manohy ny asa ratsiny intsony. Nogiazana ireo entana ary mbola mitohy ny fikarohana izay mety ho namany. Manentana ny rehetra mba hanome vaovao hatrany ny mpitandro filamianana, fa hatao tsiambaratelo ny mombamomba ny loharano.

***Aly***



*Ilay mpandraharaha mpanapoka solika tratra.*

Tranga

# Nirehitra koa ny ala tany Isalo

Azo lazaina fa mirehitra mihitsy i Madagasikara manontolo amin'izao fotoana izao, noho ny firehetana ala amin'ny toerana maro samihafa eto amintsika. Tao aorian'ny firehetana tany Ankarafantsika, Soalala, Menabe Antimena, Ankaratra, fantatra izao fa may koa ny ala tany Isalo, toerana anisan'ny mahasarika mpizahatany ihany koa eto amintsika. May afak' omaly alina ny ilany havanana amin'ny toerampandraisam-bahiny Relais de la Reine d'Isalo. Araka ny vaovao voaray, tsy nahazo ny Park ny firehetana , fa ny manodidina ny Relais de la Reine de l'Isalo no may kila. Niparitaka mianatsimo atsinanana ny afo. Manao ny fanadihadiana amin'izao ny tompon'andraikitra, mbola tsy fantatra ny tena fototra nahatonga izao afo izao.


**Stefa**


*Ny firehetana ny ala tany Isalo.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 407**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0406)

***Mitsivalana***
- Solaitra
- Laza (miv)
- Hopitaly
- Anana - Ar
- Fy - Antsa
- Ana - Toak(a)
- Aia

***Mitsangana***
- Sahafa
- Ozonina
- Lapa
- Alina
- Tanty
- Tia - Toa
- Lasa
- Akarina (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 407




**Mitsivalana**

**1.** Fiarovana amin'ny aretina – Hekitara (miv) **2.** Mpanolotra – Nesorina **3.** Anabavin-drainao **4.** Varotana – Tofoka (miv) **5.** Mpanoritra – Foto-tenin'ny fitaizana (miv) **6.** Vangivangy – Tsofoka (miv) **7.** Androany (miv) – Teny sy didy arahina (miv) **8.** Ao amin'ny serasera – Mpanoritra **9.** Enina Romana – Sekretera **10.** Menaka – Matroka (miv)

**Mitsangana**

**A.** Vadin-janaka – Metaly **B.** Loko (miv) – Tsy ao amin'ny tafika (BR) **D.** Karazan-kazo **E.** Voatapaky ny antsy (miv) **F.** Mpanondro manolotra **G.** Tampisaka – Fanoratana (miv) **H.** Andosirako, ialako **I.** Milaza fananana – Naoty **J.** Faritra **K.** Bibikely ao amin'ny volo – Foiben-toerana, akany

### Valiny Teny mifanaraka 0406

**Mitsivalana**

**1.**Fanalahidy **2.** Arina - Elo **3.** Nafenina '**4.** Iny - Tafa (miv) **5.** Neny - Ilo **6.** Endrika - En **7.** Nary - Alina (miv) **8.** Falafa (miv) **9.** No - Sak(a) - RM **10.** Alahamady

**Mitsangana**

**A** Fanorenana **B.** Ara- Na - Lo (miv) **D.** Nifindra **E.** Firenena (miv) **F..** Laniny - Asa **G.** Malaky (miv) **H.** Hena - Anaka **I.** Ilafy - IF **J.** Do - Lela (miv) - Fy **K.** Mpanota (miv)


MINOA - SAHIA - MIJOROA
TIAKO I MADAGASIKARA
20 TAONA
2002-2022
Fankalazana
Ny faha
20 Taona
TOAMASINA
Fantaro ny tantaran'ny Antoko
sy ny Filoha mpanorina.
SABOTSY
8 OKTOBRA 2022
AMIN'NY 9 ORA
MARAINA
Fankalazana ny faha 20 taona ao amin'ny
MAGRO Tanambao 5, Redynamisation.
FAMPIRANTIANA
SARY SY NY
TANTARA
Aorian'ny ny fanokafana dia hisy ny
fampirantiana sary.